A Journal of Plants, People, and Applied Research
Ethnobotany Research & Applications

Ny Karazana Aretina Mpahazo Ny Olon-Dehibe Sy Ny Tanora Ao Amin'Ny Tananan'Ny Sahamamy Kaominina Mahavelona Toamasina II

Harison Rabarison and David Ramanitrahasimbola

Fampidirana

Sahamamy dia tanàna iray eo ho eo amin'ny 7-8 Km ao andrefan'ny tanànan'i Mahavelona (Longitida Atsinanana: 49º 25' 39.2" - Latitida atsimo : 17º 43' 53.1" - haavo: 31 m), manamorona ny alan' ny "ANALALAVA" izay misy mponina mivelona amin'ny fambolena amin'ny ankapobeny. Avy amin'ny foko Betsimisaraka ny akamaroan'ny mponina ao aminy, ary miankina betsaka amin'ny ala sy ny voly an-koraka ny fiainany.

Mba hahafantarana ny fifandraisan'ny zavamaniry sy ny olona sy mba hampisehoana ny mahazava-dehibe ny ala amin'ny fiainan'ny mponina dia nanao fanadihadiana tany an-toerana ny ekipan`ny MBG (Missouri Botanical Garden) sy ny KNARP (Karoka Nasionaly Ampiharana ny Raki-Panafody). Fanadihadiana izay tafiditra indrindra tao antin'ny atrik'asa momban'ny fifandraisan'ny zava-maniry sy ny olombelona (Ethnobotanique) ary novatsian'ny ICBG (International Cooperative of Biodiversity Group) tarihin'i Pr David Kingston vola. Ny valin'ity fanadihadiana ity sy ireo fanadihadiana hafa izay samy mikasika ny fifandraisan'ny olombelona sy ny zavamaniry avokoa dia havondrona ho antotan-taratasy ho fandresen-dahatra ny manam-pahefana isan-tsokajiny sy ny mponina manodidina amin'ny fikajiana sy fiarovana ny alan' "Analalava".

Tanjona

Fahafantarana ny fampiasana ny zavamaniry amin'ny fikojakojana ny fahasalamana, indrindra eo amin'ny olon-dehibe sy ny tanora.

Fomba Fiasa

Mba hahatratrarana ny tanjona napetraka etsy ambony dia nisy ny fomba nentina nanantanteraka ny fanadihadiana. Voalohany dia raha tonga tao an-tanànan'ny Sahamamy izahay dia nisy ny fanazavana ny anton-dia tamin'ireo mponina. Voalaza tamin'izany fa ny fanadihadiana tiana hatao dia mikasika indrindra ny aretina mpahazo ny olona ao an-tanàna sy ny zavamaniry entin-drizareo manasitrana ny aretina. Ireto manaraka ireto ny karazam-panontaniana nentina naka ny tahirin-kevitra avy tamin'ny mponina tamin'izany:

- Inona avy ny aretina mpahazo ny olon-dehibe sy ny tanora?
- Ahoana ny fomba fitrangan`ny aretina?
- Inona ny antony mahatonga azy?
- Oviana ny fotoana fisehoan`ny aretina?
- Inona ny karazan-javamaniry fampiasa hitsaboana azy?
- Aiza ny toerana hakana sy hanirian'ireo zavamaniry fampiasa?
- Inona ny singa ampiasaina avy aminy (raviny sa tahony sa fakany)?
- Ahoana ny fomba fikarakarana azy?
- Ahoana ny fatrany sy ny fomba ampiasana azy?
- Maharitra hafiriana ny fitsaboana?
- Ahoana ny habetsak`ilay zavamaniry?

Correspondence

Harison Rabarison, Conservation International-Madagascar (CI-mad), BP 5178, Antananarivo 101, MADAGASIKARA.
hrabarison@conservation.org

David Ramanitrahasimbola, IMRA, BP 3833, Antananarivo101, MADAGASIKARA.
hasimbola67@yahoo.fr

Ethnobotany Research & Applications 3:359-362 (2005)

http://hdl.handle.net/10125/191

Tabilao 1. Ireo aretina mpahazo ny olon-dehibe sy tanora ary ny fomba fisehony.

Aretina	Famantaran'ny mponina azy
Tazo	mangetaheta vao maraina, malemilemy, mangan-doha, mafaitra ny vava, mafana hoditra, mandoa ranon`afero, mafana fofon`aina ary mangovitra.
Haronjanana na harerahana na Hozatra	mangotsikotsika, manakotsako ny vanin-taolana, manevineviky, henjana ny vantana, tsy avy miaina ary tsembotsemboka.
Mivalan-dra	marary kibo ary mangery rà (karazana valan'aretina).
Vay vonto	mivonto kely sady mafimafy ary mangidihidy dia mihabe ny vodiny ary foy ny lohany.
Kohaka	mangitikitika ny tratra, sempotra ary mikohoka.
Solopiso	mamaivay be ny mahalehilahy, misy mivontovonto indraindray ary tsy afaka mamany tsara.
Angorohosy	Tsy afaka miaina tsara, misy hatsaka mavomavo ny maso ary hatsatra ilay olona.

Rehefa vita moa ny fametrahana ny fanontaniana dia nijery ny toerana misy ireo zavamaniry mba nahafahana naka santionany izay nahafahana namatatra ny anarany ara-tsiansa. Ilaina ity famantarana anarana siantifika ity satria fanadihadiana siantifika no natao.

Vokatra

Ny vokatra azo tamin'ny fanadihadiana dia nofintinana amin'ireo tabilao roa etsy ambany. Ny Tabilao 1 dia mampiseho ireo aretina mpahazo matetika ny olon-dehibe sy ny tanora ary ny fomba fitragany. Ny Tabilao 2 dia mampiseho ny famintinana ny fitsaboan'ny olona ny aretina mpahazo azy ireo ary ny Tabilao 3 dia mampiseho ny toerana hanirian`ireo zavamaniry ireo sy ny toetoetrany.

Fanazavana

Ireto misy fanamarihina vitsivitsy mifanadrify amin'ny tabilao etsy ambony. Ny ravina sy taho dia maromaro ny habetsahany ilaina amin`ny ankapobeny. Misy karazan-kazo hafa koa azo atao fanafody harerahana toy ny harongana (Harungana madagascariensis) izay ny hodiny no ampiasaina amin'izany. Miisa enina ambinifolo (16) karazana eo ho eo ireo zavamaniry ampiasain'ny mponina amin'ny fitsaboana ny aretina mpahazo ny olon-dehibe sy ny tanora.

Famintinana

Ity vokatra azo ity dia manambara fa saro-bidy ho an`ny mponina manodidina ny alan' "ANALALAVA" ny zavamaniry amin`ny ankapobeny satria na tsy manam-bola aza ny mponina tantsaha dia afaka mahita eo an-toerana ny zavatra ilainy amin`ny fikojakojany ny fahasalamany.

Fisaorana

Fisaorana lehibe no atolotra ireo rehetra nandray anjara (ireo mponina rehetra ao Sahamamy) sy andriamatoa Donnat, mpitsabonetim-paharazana ao Sahamamy tamin'ny nahavitana izao fanadihadiana izao.

Tabilao 2. Fomba fikarakarana sy ny singa ampiasaina amin'ireo zavamaniry ampiasain'ny olona amin'ny fitsaboana.

Aretina	Zavamaniry	Singa ampiasaina	Fikarakarana	Fomba fampiasa sy fatrany
Tazo (Fotoana mangatsiaka volana jona, jolay ary aogositra)	Tongo-borona *Cabucala* sp.	Raviny sy tahony	Tenehina atao maty sasaka	Nomina matetika mandrapahasitrany
	Famahotrakanga *Lygodium* sp.			
	Hazomamy *Bathiorhamnus* sp.			
	Hazoambo *Xylopia* sp. + Vahizato *Secamone* sp.	Raviny sy tahony	Tenehina atao maty sasaka	Nomina in-telo isanandro
Haronjanana na harerahana na Hozatra (Fotoana fiasana horaka)	Hazoambo *Xylopia* sp.	Raviny sy tahony	Tenehina atao very sasaka	Nomina na giaina Maraina, atoandro, hariva (alohan`ny sakafo)
	Tendrofony *Calantica* sp.			
	Menakabonga *Combretum* sp.			
	Elabaratra *Tachiadenus* sp.	Singa rehetra	Tenehina	Nomina
Fivalanan-dra (valan`aretina) (Fotoanan'ny orana sy hafanana)	Antafana *Terminalia catappa*	Hodin`ny tahony	Tenehina atao maty sasaka	Nomina na giaina rehefa mangetaheta
	Goavitsina *Psidium cattleyanum*	Raviny sy tahony		
Vay vonto (Mandava-taona)	Tavolo *Tacca* sp.	Fakany na vodiny (bulbe)	Kinkisana amin`ny vato ilay vodiny	Sasana amin`ny ranomafana ilay bay, hosorana amin`ilay faikany rehefa foy ny lohany dia bandina
Kohaka (mangatsiaka)	Vahivola *Paederia farinosa*	Raviny sy tahony	Tenehina	Nomina mandrapahasitrana
Solopiso (MST) (Mandava-taona)	Famoha **Palmier indét.**	Raviny	Tenehina dia avela hangatsiaka	Nomina
Angorohosy	Ambovahatra *Borreria verticillata*	Raviny sy tahony	Tenehina dia hampangatsiahina	Nomina in-telo isan`andro
	Ambora be ravina *Burasseia* sp.	Raviny sy hoditrin'ny tahony	Tenehina	Nomina

Tabilao 3. Toerana haniriany sy ny habetsahany ary ny toetoetran'ireo zavamaniry ireo.

Zavamaniry	**Karazany**	**Toerana**	**Habetsahany**
Tongoborona (*Cabucala* sp)	Hazo madinika	Ala	Maro
Famahotrakanga (*Lygodium* sp)	Vahy	Ala, Roranga, Savoka	Maro
Hazomamy (*Bathiorhamnus* sp)	hazo	Savoka sy ala	Antonony
Hazoambo (*Xylopia* sp)	Hazo	Savoka sy ala	Maro
Vahizato (*Secanome* sp)	Vahy misy ronono	Savoka	Maro
Tendrofony (*Calantica* sp)	Hazo	Savoka sy ala	Maro
Menakabonga (*Combretum* sp)	Vahy	Ala	Maro
Elabaratra (*Tachiadenus* sp)	Bozaka	Savoka sy roranga	Maro
Antafana (*Terminalia catappa*)	Hazo	Savoka sy ala	Maro
Goavitsinà (*Psidium cattleyanum*)	Hazo madinika	Savoka sy roranga	Maro
Tavolo (*Tacca* sp)	Bozaka	Ala sy roranga	Maro
Vahivola (*Paederia farinosa*)	Vahy mantsina	Roranga	Maro
Ambovohatra (*Borreria verticillata*)	Bozaka	Savoka, roranga, antanimboly ary antanana	Maro
Famoha (**Palmier indét.**)	Bozaka	Tanimboly sy roranga	Antonony
Harongana (*Harunga madagascariensis*)	Hazo	Savoka, roranga ary tanimboly	Maro
Ambora be ravina (*Burasseia* sp)	Hazo	Ala	Maro